REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

# TATITRY NY FILANKEVITRY NY MINISITRA NATAO TAO AMIN'NY LAPAM-PANJAKANA IAVOLOHA ALAROBIA 09 MARTSA 2022

**NOTANTERAHINA TAO AMIN'NY LAPAM-PANJAKANA IAVOLOHA NY FILANKEVITRY NY MINISITRA ANDROANY IZAY NOTARIHIN'NY FILOHAM-PIRENENA ANDRY RAJOELINA ARY NAHITANA NY PRAIMINISITRA SY IREO MINISITRA ISAN-TOKONY**

## I- FAMPITAM-BAOVAO

### GOVERNEMANTA

**Nankatoavina ny fampitam-baovao mikasika ny "fandoavana ny fiantohana" na "Indemnités d'assurance" amin'ny Governemanta Malagasy, taorian'ny fandalovan'ny rivodoza. Izany dia mitentina 10.714.206 dolara taorian'ny fandalovan'ny rivodoza BATSIRAI.**

Noho ny fanohanan'ny Banky Afrikanina ho an'ny Fampandrosoana na BAD, i Madagasikara dia anisan'ireo firenena mpikambana ao amin'ny « African Risk Capacity na (ARC) », izay fitaovam-piantohana aorian'ny fandalovan'ny rivodoza tropikaly aty amin'ny faritry ny Ranomasimbe Indianina Atsimo Andrefana.

Araka izany, ny Governemanta Malagasy dia nahazo famatsiam-bola io hanampiana ireo tra-boina, hanaovana hetsika sy fanampiana vonjy maika, hanarenana haingana ireo sampan'asa tena ilaina ary hanatanterahana fanorenana maharitra indray. Hotanterahina ao anatin'ny enim-bolana ny asa, araka ny fifanarahana nifanaovana tamin'ny ARC sy ny BAD, miaraka amin'ny tatitra isam-bolana ary ny fanaraha-maso ara-teknika sy ara-bola.

Ny sampana miandraikitra ny fanatanterahana ny hetsika dia ny CPGU, izay miara-miasa akaiky amin'ny MEF. Ireto tanisaina manaraka ireto ny laharam-pahamehana :

- Fizarana sakafo ho an'ny mponina marefo (Vatsy Tsinjo) miaraka amin'ny fanomezana « ration de protection »ho an'ny olona marefo;
- Famatsiana masomboly sy zezika;
- Fanarenana ny trano fonenana rava;
- Fananganana toeram-ponenana ho an'ireo tra-boina;
- Asa fanarenana ireo fotodrafitrasa simba.

Nanamarika ny Filoham-pirenena ny tokony hanaovana famaritana ireo toerana rehetra tena nahitam-pahavoazana sy mitoka-monina, sy hitanisana ireo «besoins » na ireo zavatra rehetra ilaina any an-toerana, miaraka amin'ny tombam-bidin'izy ireo sy ny drafitra mifanaraka amin'izany.

**MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA**

**Nankatoavina ny Fandraisan'ny Fanjakana an-tanana ny TVA amin'ireo asa fanarenana sy fanamboarana ireo fahasimbana tamin'ny fandalovan'ny rivodoza BATSIRAI**

Mikasika ireo asa fanamboarana sy fanarenana taorian'ny fandalovan'ny rivodoza Batsirai, ny Minisitera dia mikasa ny hametraka fepetra manokana fanalefahan-ketra amin'ny fanatanterahana ireo asa fanamboarana sy fanarenana ireo fotodrafitrasa ho an'ny daholobe, amin'ny alalan'ny fandraisan'ny Fanjakana an-tanana ny TVA mifandraika amin'ny fividianana ireo akora ilaina amin'ny fanamboarana.

Ireo akora ilaina amin'ny fanarenana ireo fotodrafitrasam-panjakana irery ihany no voakasik'ity fepetra ity.

Nanamafy ny tokony hisian'ny famaritana tsara ireo fepetra hampiarana ity fanapahan-kevitra ity ny Filoham-pirenana, tsy tokony hisy ny fanararaotana.

**MINISITERAN'NY FAMPIANARANA AMBONY SY NY FIKAROHANA ARA-TSIANSA + MINISITERAN'NY FANABEAZAM-PIRENENA + MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA ary ny SEKRETARIAM-PANJAKANA misahana ny TANANA VAOVAO sy ny TOERAM-PONENANA**

**Nankatoavina ny fampidirana mandritry ny fotoana voafetra na « admission temporaire » ny « imprimante 3D » iray hanamboarana ny Sekoly 3D voalohany eto Madagasikara.**

Nosafidiana ho modely voalohany amin'ny fanamboarana sekoly 3D ny « Ecole de Management et d'Innovation Technologique na (EMIT) » any Fianarantsoa, izay iarahana miasa amin'ny fikambanana amerikanina « Thinking Huts » mba hanaporofoina fa azo atao ary manan-danja eto Madagasikara ny fanapariahana izany sekoly 3D izany. Ny " Fondation 14 Trees" any Malawi no hanatanteraka ny asa. Ny « imprimante 3D » sy ireo kojakoja miaraka aminy dia haverina any Kenya aorian'ny fananganana ny sekoly eto Madagasikara.

**MINISITERAN'NY ASA VAVENTY**

**Nankatoavina ny fampitam-baovao mikasika ny fanafainganana ny fanatanterahana ireo tetikasa izay vatsian'ny Mpamatsy vola. Tafiditra amin'izany ny fanafainganana ny fandoavana ny fandraisan'anjaran'ny Fanjakana Malagasy, amin'ny alalan'ny fanekena ny « DAE na demandes d'autorisation d'engagement ».**

Vantany azo ampiasaina ny famatsiam-bola avy amin'ny mpamatsy vola dia hisy « Ordre de service » manokana horaisina mba afahana hanomboana ny asa avy hatrany.

Misy ny Ordre de service iray hafa mifandraika amin'ny fandraisan'anjaran'ny Fanjakana Malagasy havoaka aorian'ny fankatoavana ny « Demande d'autorisation d'engagement » ataon'ireo tompon'andraikim-panjakana ambony.

Nankatoavina izany fampitam-baovao izany saingy nanamafy ny Filoham-pirenena ny tokony hanajana ireo « fepetra famoam-bolam-panjakana»

**Nankatoavina ihany koa ny fangatahana mikasika ny « Admission temporaire » an' ireo fitaovana ilaina amin'ny fanatanterahana ireo tetikasa fanajariana sy fametrahana asfalta amin'ny lalam-pirenena laharana faha-5 (RNS5) mampitohy an'i Soanierana Ivongo sy Mananara Avaratra**. Ity tetikasa ity dia vokatry ny fifanarahana fampindramam-bola amin'ny mpamatsy vola arabo.

**<u>MINISITERAN'NY FAMBOLENA SY NY FIOMPIANA</u>**

**Nankatoavina ny fampiasana maimaimpoana ny "Centre multiplicateur de Semences" Marofarihy, Manakara, izay tafiditra anatin'ny "Reserve Agricole d'Ambila" Titre n°420 AG,**

**<u>MINISITERAN'NY JONO SY NY TOEKARENA MANGA</u>**

**Nankatoavina ny fanavaozana ireo « licences de pêche aux crevettes côtières ». 47 no isan'ireo fanomezan-dalana nomena tamin'ny taona 2021. Isan-taona dia tsy maintsy havaozina ireo fanomezan-dalana ireo, ka ireo orinasa nanaja ny bokin'andraikitra ihany no mahazo izany.**

**<u>SEKRETARIAM-PANJAKANA MIADIDY NY ZANDARIMARIAM-PIRENENA</u>**

**Nankatoavina ny fikarakarana lanonana fanomezana mari-boninahitra sy fitaovam-panjonoana ho an'Andriamatoa Ramaroson Zembrole na Zambia sy ny namany, mpanjono nanavotra ny Sekreteram-panjakana miadidy ny zandarimaria sy ilay miaramila teknisiana.**

## II- FANDRAISANA DIDIM-PANJAKANA

**<u>MINISITERAN'NY ATI-TANY sy ny FITSINJARAM-PAHEFANA</u>**

**Noraisina ny didim-panjakana manova sy mameno ireo andinindininy sasantsasany ao amin'ny didim-panjakana laharana faha 2019-1958 tamin'ny 16 Oktobra 2019, izay namaritra ny fandaminana, ny fampandehanan-draharaha ary ireo asan'ny BNGRC**

Izany fanovana izany dia mahakasika indrindra ny firafitry ny « organe délibérant » na rafitra mandray fanapahan-kevitra, ny asany sy ny fampandehanana azy, ny fanendrena ny tompon'andraikitry ny rafitra mpanatanteraka, ny fandaminana ireo ratsamangaika isam-paritra ary ny sata mifehy ireo mpiasa ao aminy

## III- FANENDRENA MPIASAM-PANJAKANA AMBONY

**<u>MINISITERAN'NY ATI-TANY SY NY FITSINJARAM-PAHEFANA</u>**

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2015-1427 tamin'ny 18 Novambra 2015 ary manendry an-d**Ramatoa SASY NIREIGNA Suzuéline**, ho Sekretera Jeneraly eo anivon'ny Prefektioran'i Fenoarivo Atsinanana
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2021-419 tamin'ny 14 aprily 2021 ary manendry an-d**Ramatoa RAMBOASOLO Haingo Monia** ho « Chef de District » an'Antananarivo I.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2015-1427 tamin'ny 18 novambra 2015 ary manendry an-d**Ramatoa EFANIVOANY Philippe Esthena**, ho Sekretera Jeneraly eo anivon'ny Prefektioran'Ihosy.
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2021-1040 tamin'ny 06 Oktobra 2021 ary manendry an'**Andriamatoa HERMAN Reminantenaina**, ho « Préfet » an'i Mananjary.
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2020-220 tamin'ny 26 febroary 2020 ary manendry an'**Andriamatoa BEZOKINY Iris Jacky**, ho « Chef de district » an'i Besalampy.
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2019-832 tamin'ny 24 aprily 2019 ary manendry an-d**Ramatoa RAKOTONDRASOLO Tiana Lantoarivero** ho « Chef de district » an'i Soavinandriana.

**MINISITERAN'NY ASA, NY FAMPANANAN'ASA, NY ASAM-PANJAKANA SY NY LALANA SOSIALY**

Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2019-1583 tamin'ny 14 aogositra 2019 ary manendry an-d**Ramatoa RAZAFIMANDIMBY Nivoaritsalama Herilala**, ho « Directeur Régional » any amin'ny Faritra Fitovinany.

**MINISITERAN'NY ASA TANANA SY NY HAI-TAO**

Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RAZAFIANDRIAMIANDRISOA Ranja Hajanirina**, ho « Directeur du Système d'Information ».

**MINISITERAN'NY FAMPIROBOROBOANA NY HAITAO ARA-KAJY MIRINDRA, NY PAOSITRA SY NY FIFANDRAISAN-DAVITRA**

Noraisina ny didim-panjakana manendry an-d**Ramatoa RAFALIMANANA Gillucia Nomen'Anjara**, ho « Directeur de la Cellule Anti-corruption ».

## IV- FANAFOANANA

**MINISITERAN'NY FIZAHANTANY**

Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2021-506 tamin'ny 05 May 2021 izay nanendry ny « Directeur de la Valorisation des Produits Touristiques »

**Natao androany faha 9 martsa 2022**
**Ny Departemantan'ny Serasera sy ny Fifandraisana amin'ny Daholobe eto anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika**